Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Jesoa Ilay Mpampianatra Lehibe

Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: Byron Unger; Lazarus
Nampifanarahin'i: E. Frischbutter; Sarah S.
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Mpampianatra
Lehibe tokoa i Jesoa.
Ilay Kalaza indrindra. Nihaino Azy
ny vahoaka. Nampianarin'i Jesoa izy
ireo mba ho mpamindra fo, ho
tsara sy halemy fanahy.


Mety hisy hankahala izy ireo
na hanisy ratsy mihitsy aza,
fa ANDRIAMANITRA no
miahy azy.



Nampianatra zavatra maro i Jesoa. Nilaza Izy fa ireo mpianany no fahazavan'izao tontolo izao tahaka ny jiro manazava ny ao an-trano. Inona no fiovana entin'ny jiro ao amin'ny efitra maizina?

Niresaka tamin'ireo mpankasitraka ny valifaty koa i Jesoa: "Maso solon'ny maso, nify solon'ny nify." Nampianarin'i Jesoa azy ireo ny fahalemem-panahy, ny famelan-keloka ary ny Fitiavana, eny fa na dia manoloana ny fahavalo aza.

Tamin'ny andron'i Jesoa dia nisy ireo izay nihevitra ny tenany ho tena masina. Misy olona asainy mitsoka trompetra, rehefa hanome vola ny mahantra izy, mba ho hitan'ny olona izay ataony.

Nefa hoy i
Jesoa: "Manomeza
ao amin'ny miafina fa
ANDRIAMANITRA
no hamaly soa anao."

Toy izany koa no nampianarin'i Jesoa ny amin'ny vavaka. Misy olona mivavaka eny amin'ny kihon-dàlana be mpandalo, mba ho hita sy ho ren'ny olona. Nolazain'i Jesoa fa mpihatsaravelatsihy sy mpamitaka izy ireo.



Matetika i Jesoa no mampiasa ny zavaboahary rehefa mampianatra. Notondroiny, ohatra, ny vorona no sady nilaza izy hoe: "ny Rainareo Izay any an-danitra no mamelona azy ireny. Aza manahy ianareo fa ANDRIAMANITRA no mikarakara anareo."

"Na ny mpanjaka Solomona aza tsy nitafy tahaka ny voninkazo eny antsaha." Dia hoy ihany i Jesoa nanohy ny teniny: "Raha ny ahitra eny an-tsaha aza tafin'ANDRIAMANITRA toy izany, tsy hisahirana hanafy anareo koa va IZY?"

Nampianatra ny olona i Jesoa mba hatoky an'ANDRIAMANITRA izay manome antsika izay ilaintsika rehetra.

Hoy Jesoa: "Raha
mitsara ny rahalahinao
ianao, dia sahala
amin'ny manala
sombi-kazo eo
amin'ny masony
kanefa ny anao
misy vata-kazo
lehibe ao anatiny."
Angamba mety
ho nihomehy
ny olona. Nefa
mampieritreritra
izany tenin'i
Jesoa izany.



Nilaza i Jesoa fa tokony hazoto hangataka amin'ANDRIAMANITRA ny olona. Raha mangataka mofo amin'ny rainy ve ny zanaka dia homeny vato? Tsia, mazava ho azy! Zava-tsoa no homeny azy. Dia toy izany koa ANDRIAMANITRA, zava-tsoa no homeny izay mangataka aminy.

Jesoa, ilay Mpampianatra Lehibe, dia nampitandrina ny amin'ireo mpampianatra sandoka. "Mitafy hodi-janak'ondry izy ireny," hoy i Jesoa. "Nefa ny ao anatiny dia amboa dia!" Nambaran'i Jesoa fa ny fiainany no hamantarana ny mpianatra sandoka.



Tao amin'ny tantara iray hafa koa no nanazavan'i Jesoa fa ny olona mankato ny Tenin'ANDRIAMANITRA dia tahaka ny lehilahy iray nanorina trano teo ambony vatolampy.



Namely azy ny tafio-drivotra mahery. Fa rehefa nitsahatra izany dia mbola nijoro tsy nihetsika ilay trano.



Nisy adala anankiray nanorina trano teo ambonin'ny fasika. Nitsoka mafy ny rivotra ka nirodana ilay trano satria narivo fototra loatra. Dia nambaran'i Jesoa fa izay olona tsy mankato ny Tenin'ANDRIAMANITRA no tahaka izany olona izany.



Variana ny vahoaka tamin'ireo Tenin'i Jesoa. Tsy mbola nandre fampianarana toy izany izy ireo. Ankehitriny dia fantany fa tsy ampy ny mandre fotsiny ny Tenin'ANDRIAMANITRA. Tsy maintsy ankatoavina koa izany isan'andro.

Jesoa Ilay Mpampianatra Lehibe

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 5 – 7, Lioka 6

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130


Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16